



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Fitavahana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-85 EX

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-  
PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA  
NY ALAROBIA 26 AOGOSITRA 2020 KA HATRAMIN'NY 3 SEPTAMBRA 2020**

Fivoriana faharoa  
Natao ny  
- Alakamisy 27 Aogositra 2020 -  
- Tolak'andro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany: - ANGELE Solange  
- RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

**FOTOANA:** Alakamisy 27 Aogositra 2020, tamin'ny 3 ora sy 40 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alarobia 26 Aogositra 2020 ka hatramin'ny 3 Septambra 2020.

Nitohy ny Alakamisy 27 Aogositra 2020 ny fivorian'ny Antenimierampirenena. Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha, niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, no nanatanteraka izany, samy nanonona ny anarany sy ny laharany avy ny Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana tamin'izany.

Taorian'izay, niangavy fanindroany ny Mpitantsoratra, Ramatoa Filoha, hamaky ny famintinana ny tatitry ny fivorian'ny «Conférence des Présidents» ny Alakamisy 27 Aogositra 2020.

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina hatrany no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alakamisy faha-27 Aogositra 2020 nanomboka tamin'ny 12 ora, atoandro, ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny «Conférence des Présidents» sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ireo mpivory tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan-dRamatoa Filoha ny fitenenana; nanazava izy avy eo ny antonanton'izao fivoriana tsy ara-potoana izao sy ny hamehana manodidina azy. Nambarany fa taorian'ny tsy fitovian-kevitra nisy teo amin'ny Antenimierampirenena sy Antenimierandoholona mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020 dia nampiantso ny «Commission Mixte Paritaire» (CMP) Andriamatoa Praiminisitra izay ahitana ny solotenan'ny Antenimiera roa tonta. Ny asan'izy io dia hitady ny marimaritra iraisana araka izay azo atao; raha sanatria tsy tanteraka izany dia ny Antenimierampirenena no mandray fanapahan-kevitra farany.

Misy ny hamehana satria efa madiva ho tapitra ny fe-potoana iasan'ireo Loholona amperin'asa amin'izao fotoana izao. Ny lalàna anefa mametraka telo volana mialoha, ahafahana mamoka ny Didim-panjakana mampiantso ny fifidianana.

Taorian'ny fifanakalozan-kevitra dia nifanaraka ny Antenimierandoholona sy ny Antenimierampirenena fa 28 no isan'ireo mpikambana ao amin'ny CMP, ka 14 tompo-toerana (titulaires) ary 14 kosa mpisolo toerana (suppléants). Rehefa natao ny kajy ho fampiharana ny Fitsipika Anaty dia toy izao no fitsinjarana ny toerana eto anivon'ny Antenimierampirenena: IRD dia manana «5 titulaires» sy «5 suppléants»; GPR «1 titulaire, 1 suppléant»; TIM «1 titulaire, 1 suppléant».

Nisy ireo Vondrona Parlemantera izay efa vonona amin'ireo solotenany ao anatin'ny CMP:

GPR: - Solombavambahoaka voafidy tao Marolambo, RANDRIANASOLO Augustin no tompo-toerana

- Solombavambahoaka voafidy tao Brickaville, SATRA Augustin no mpisolo toerana

TIM: - Solombavambahoaka voafidy tao Ambatondrazaka, RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle no tompo-toerana

- Solombavambahoaka voafidy tao Antananarivo Atsimondrano, RATSIMBAZAFY Alain Jean no mpisolo toerana

Hivory izy ireo rahampitso Zoma 28 Aogositra 2020, amin'ny 10 ora, maraina, hanangana ny biraony eny amin'ny Antenimierampirenena-Tsimbazaza.

Nodinihana avy eo ny Volavolam-pandaham-potoana naroson'ny Birao Maharitra. Taorian'ny adihevitra dia toy izao ny fanapahan-kevitra noraisin'ny "Conférence des Présidents" ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alakamisy faha-27 Aogositra 2020, amin'ny 3 ora, tolak'andro, mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 12 ora sy 45 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

(jereo tovana)

**FICHE DE PRESENCE****CONFERENCE DES PRESIDENTS****DATE:** 27 août 2020**HEURES:** 12H**MEMBRES DU BUREAU PERMANENT**

<b>N° d'ordre</b>	<b>NOMS ET PRENOMS</b>	<b>FONCTION</b>
1	RAZANAMAHASOA Christine Harijaona	Présidente
2	RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle	Vice-Président
3	RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera	Deuxième Questeur
4	RABENIRINA Maminiana	Troisième Questeur
5	ANGELE Solange	Rapporteur Général
6	RAFENOMANATSOA Tsirimaharo Ny Aina	Rapporteur Général Adjoint

**PRESIDENTS DES COMMISSIONS**

<b>N° d'ordre</b>	<b>COMMISSIONS PERMANENTES</b>	<b>NOMS ET PRENOMS</b>	<b>ENTITE</b>
01	Commission des Ressources stratégiques	MOHAMAD Ahmad	IRD
02	Commission des finances et du Budget	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy	IRD
03	Commission de L'Energie et de l'Eau	RANDRIAMANAMPISOA Alfred	IRD
04	Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises	ANDRIAMBELOSOA Heriniana	IRD
05	Commission de l'Economie et de la Planification	ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy	TIM
06	Commission des Postes et des Télécommunications et des Nouvelles Technologies	MAMANGY Norbert	GPR

07	Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière	RAHOLDINA Naivo Herinantsoina	IRD
08	Commission de la Santé Publique	RAJAOBELINA Lova Herizo	IRD
09	Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche	BAOFENO Micheline	IRD
10	Commission de la Population et de la Protection Sociale	RATSIMANDRIONA Aida Hardy	IRD

**REPRESENTANT DE GROUPE PARLEMENTAIRE**

N° d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRE	NOMS ET PRENOMS
01	TIM	RAMBOASALAMA Emilien

**Représentante du Gouvernement:**

YAMICOLE Franckline

Chef SRI/Primature

**ORDRE DU JOUR**

Pour la période du **MERCREDI 26 AOUT 2020** au **JEUDI 03 SEPTEMBRE 2020**

**MERCREDI 26 AOUT 2020**

**15H 00:** CEREMONIE D'OUVERTURE DE LA 2<sup>ème</sup> SESSION EXTRAORDINAIRE 2020 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE - (CCI-Ivato)

**JEUDI 27 AOUT 2020**

**10H 00:** Réunion des membres du Bureau Permanent - (CCI- Ivato)

**11H 00:** Conférence des Présidents- (CCI - Ivato)

**15H 00:** SEANCE PLEINIÈRE – (CCI- Ivato)

- Adoption de l'ordre du jour

**De 16H 00 à 18H 00:** Transmission par chaque Groupe Parlementaire des noms de ses représentants au sein de la Commission Mixte Paritaire (CMP) auprès de la Présidence.

**VENDREDI 28 AOUT 2020**

**10H 00: Constitution du bureau de la Commission Mixte Paritaire (CMP) Assemblée nationale-(salle BP/AN)**

**15H 00: Première réunion de la Commission Mixte Paritaire (CMP) (Avec les représentants du SENAT) (Salle BP/AN)**

**LUNDI 31 AOUT 2020**

**10H 00: Deuxième réunion de la Commission Mixte Paritaire (CMP) – (SENAT – Anosy)**

**MARDI 01 SEPTEMBRE 2020**

**10H 00: Adoption du Projet de loi n°001/2020 du 26/02/2020. (CCI – Ivato)**

**MERCREDI 02 SEPTEMBRE 2020**

**Eventuellement suite des travaux d'adoption**

**JEUDI 03 SEPTEMBRE 2020**

**11H 00: CEREMONIE DE CLOTURE DE LA 2<sup>ème</sup> SESSION EXTRAORDINAIRE 2020 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE – (CCI – Ivato).**

Taorian'izay, nisaotra ny Mpitantsoratra, Ramatoa Filoha, tamin'ny famakiany volavolam-pandaharam-potoana vokatry ny fivorian'ny «Conférence des Présidents».

Rehefa izany, nanambara Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny adihevitra mikasika izany ny mpivory, koa niangavy ny Solombavambahoaka izay manan-kolazaina mba hanangan-tànana handraisana ny anarany.

Niangaviany ny mpivory rehetra tsy hanala ny arotava eny aminy mandritra ny fandraisam-pitenenana noho ny antony fahamehana ara-pahasalamana misy eto amintsika.

Taorian'izay, nohamafisin-dRamatoa Filoha, fa efa nambara teo aloha ny lisitr'ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vondrona Parlemantera GPR sy ny Vondrona Parlemantera TIM, ho mpikambana ao amin'ny «Commission Mixte Paritaire» na CMP.

Nambarany koa fa atao isaky ny Faritany ny lisitry ny Solombavambahoaka avy amin'ny Vondrona Parlemantera IRD izay ahitana mpikambana miisa 5 tompon-toerana, 5 mpisolotoerana.

Nomarihany fa efa tonga eny aminy amin'izao fotoana izao ny anaran'izy ireo, ka hotononina izany.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka ireo:

- Tompon-toerana voalohany, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert

- Mpisolotoerana voalohany, Andriamatoa RAZAKANDRAINY Dominique

- Tompon-toerana faharoa, Andriamatoa MOHAMAD Ahmad
- Mpisolo toerana faharoa, Ramatoa RATSIMANDRIONA Aida Hardy

- Tompon-toerana fahatelo, Andriamatoa ASSIMO Bruno
- Mpisolo toerana fahatelo, Andriamatoa RAMENASON Rio Merci

- Tompon-toerana fahaefatra, Andriamatoa IDEALSON
- Mpisolo toerana fahaefatra, ANDRIANAMBININA Djohary Lee

- Tompon-toerana fahadimy, Andriamatoa RAKOTONDROSOA Fetra
- Mpisolo toerana fahadimy, Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert

Rehefa tsy nisy nanan-kambara intsony ny Solombavambahoaka, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiditra amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-pandaharam-potoana ny mpivory.

Nambarany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 57 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alarobia 26 Aogositra 2020 ka hatramin'ny Alakamisy 3 Septambra 2020.

Taorian'ny fahalanian'ny fandaharam-potoana, fisaorana ny Solombavambahoaka sy ny solontenan'ny Governemanta no nataon-dRamatoa Filoha.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, ka ny Zoma 28 Aogositra 2020 amin'ny 10 ora, maraina, fananganana ny biraon'ny mpikambana ao amin'ny CMP; hatao eny amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena-Tsimbazaza, efitrano fivorian'ny Birao Maharitra; hisy ny fivoriana voalohany hataon'ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny «Commission Mixte Paritaire» rehefa vita ny fananganana ny biraony izay ahitana ny Filoha, ny Filoha Lefitra ary ny Mpampakateny; amin'ny 3 ora, tolak'andro, fivoriana voalohany ho an'ireo mpikambana ao anatin'ny CMP miaraka amin'ny solontenan'ny Loholona; hatao eny Tsimbazaza hatrany.


Ny Alatsinainy 31 Aogositra 2020 amin'ny 10 ora, maraina, fivoriana faharoan'ny mpikambana eo anivon'ny «Commission Mixte Paritaire» na ny CMP; eny amin'ny Antenimierandoholona-Anosy no hatao ny fivorian'ny roa tonta.

Ny Talata 1 Septambra 2020 amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020 izay nahatonga izao fivoriana tsy ara-potoana izao; hatao eto amin'ny CCI-Ivato izany. Nambaran-dRamatoa Filoha, fa amin'ny Talata no ahafantarana hoe iza no mandresy na hisy na tsia ny marimaritra iraisana.

Rehefa izany, nanentana ny Solombavambahoaka mba havitrika hiatrika ny fivoriana hatao ny Talata 1 Septambra 2020 ho avy izao Ramatoa Filoha satria amin'io andro io no handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020. Nomarihany fa «loi de ratification» io, lalàna iankinan'ny ain-dehiben'ny firenena ka nohantitranteriny ny tokony hahatongavan'ny Solombavambahoaka tsy ankanavaka amin'io fotoana io.

Teo ampamaranana ny teniny, nanambara Ramatoa Filoha, fa ny Alakamisy 3 Septambra 2020 amin'ny 11 ora, maraina, no hanaovana ny lanonam-pamaranana ny fivoriana tsy ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2020, araka ny tapaka tamin'ny fandaharam-potoana vao nolania teo.

Niato tamin'ny 4 ora sy 10 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**